REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MANUEL DE FORMATION

# EN DROITS DE L'HOMME ET ETAT DE DROIT POUR LES ORGANES DE CONTROLE INTERNE

DES FORCES DE DEFENSE ET DE SECURITE

BOKY FAMPIANARANA

# MOMBA NY ZON'OLOMBELONA SY NY TANY TAN-DALANA HO AN'NY RAFITRA FANARAHA-MASO ANATINY

HO AN'NY MPITANDRO NY FILAMINANA

Avec le partenariat de

## INTRODUCTION

Les droits de l'homme sont consacrés par plusieurs instruments internationaux comme la Charte des Droits de l'Homme qui regroupe la Déclaration universelle des droits de l'homme, le Pacte International relatif aux Droits Civils et Politiques, le Pacte International relatif aux Droits Economiques, Sociaux et Culturels. En effet, ils font partie du droit international et produisent les mêmes effets.

Les droits de l'homme sont les droits inaliénables de tous les êtres humains, quels que soient leur nationalité, lieu de résidence, sexe, origine ethnique ou nationale, couleur, religion, langue ou toute autre condition.

Les droits de l'homme apparaissent comme un ensemble de droits, prérogatives ou garanties universelles, qui appartiennent à tout individu en tant qu'être humain et qui s'imposent aux autorités publiques dans la mesure où celles-ci sont tenues de les respecter et d'en assurer la jouissance effective par des mesures adéquates.

Ils peuvent être classés en trois catégories, à savoir les droits civils et politiques ou les droits-libertés qui offrent aux individus une certaine autonomie comme le droit de ne pas être soumis à une arrestation ou une détention arbitraire ou à la torture ; les droits économiques, sociaux et culturels ou les droits créances, lesquels nécessitent l'intervention de l'Etat pour leur mise en œuvre effective; et enfin les droits de solidarité ou droits collectifs. Il y a également les droits catégoriels liés aux groupes vulnérables qui ne constituent pas une catégorie à part mais font l'objet d'instruments de protection spécifiques compte tenu de leur situation de vulnérabilité.

Les principes fondamentaux des droits de l'homme sont : L'égalité, la non-discrimination, la participation et l'inclusion, l'intérêt supérieur de l'enfant, la redevabilité, la transparence et l'autorité de la loi.

Les droits de l'homme sont inhérents, universels, inaliénables, indivisibles et interdépendants et centrés sur la dignité humaine. Ils protègent les individus et les groupes, sont protégés par la loi et garantis sur le plan international tout en conférant des obligations à l'Etat.

Les droits de l'homme sont protégés par différents textes, adoptés à plusieurs niveaux : international, régional, sous régional et national. Ces différents niveaux sont dans la plupart des cas complémentaires et font ressortir une certaine spécificité sans mettre en cause le principe de la hiérarchie de normes.

## FAMPIDIRANA

Ny zon'olombelona dia voarakitra ao anaty rijanteny iraisampirenena maro toy ny fanambarana maneran-tany ny zon'olombelona, ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'ny isam-batan'olona sy pôlitika, ny fifanarahana iraisampirenena momba ny zo ara-toe-karena, ara-piarahamonina ary ara-kolontsaina, sns. Araka izany, anisan'ny lalàna iraisampirenena izy ireo ary manan-kery mitovy aminy ihany.

Ny zon' olombelona dia zon'ny olona rehetra izay tsy azo esorina aminy, na inona zom-pireneny, na aiza toeram-ponenany, na lahy izy na vavy, na inona fiaviany na volon-kodiny, na inona fivavahana arahiny na fiteniny, na inona toe-javatra hafa iainany.

Ny zon'olombelona dia fitambaran-jo na tombontsoa na antoka manerantany, izay ananan'ny olona tsirairay amin'ny mahaolombelona azy, ary manankery amin'ny manam-pahefana, izay tsy maintsy manaja sy miantoka ny fisitrahan'ny olona izany araka izay azo atao.

Azo sokajiana ho telo izy ireo, dia ireo zon'ny isam-batan'olona sy pôlitika na zo-fahalalahana izay manome fahaleovantena ho an'ny tsirairay, tahaka ny zo tsy hiharan'ny fisamborana na fanagadrana tsy ara-dalàna ; Ireo zo eo amin'ny lafiny toekarena, fiarahamonina ary kolontsaina, na ireo zo izay mitaky ny fidiran'ny Fanjakana an-tsehatra mba hahatanteraka azy amin'ny fomba feno sy manontolo, ary ny farany dia ny zo hiray hina na zo iombonana. Eo ihany koa ireo zon'ny vondron'olona marefo, tahaka ny zon'ny vehivavy, ny zon'ny ankizy, ny zon'ny olona manana fahasembanana, sns (jereo ny taranja faha-13). Tsy sokajin-jo manokana akory izy ireo, saingy nandrafetana rijanteny fiarovana manokana noho ny toeny marefo.

Ireto avy ireo fotokevitra momba ny zon'olombelona : fitoviana, tsy fanavakavahana, fampandraisana sy fampiombonana anjara, fitandroana ny tombontsoa ambonin'ny ankizy, tamberin'andraikitra, fangaraharana, ary fahefan'ny lalàna.

Vimbinin'ny olombelona hatrany am-bohoka, toavina manerantany, tsy azo esorina na amidy, tsy azo sarahina ary mifampiankina, miorina amin'ny hasina maha-olona, miaro ny olona sy ny vondron'olona, arovan'ny lalàna ary voaantoka eo amin'ny sehatra iraisampirenena, ary miteraka adidy ho an'ny fanjakana ny zon'olombelona.

Ny zon'olombelona dia arovan'ny rijanteny samihafa,izay nankatoavina anivona sehatra samihafa : iraisam-pirenena, anivon'ny kaontinanta, anivon'ny vondrom-paritra, ary eo anivon'ny firenena. Amin'ny ankapobeny dia mifameno ireo sehatra samihafa ireo ary mampisongadina fiavahana, kanefa tsy manipaka ny ambaratongan-dalàna.

# 1

LES FORCES DE DEFENSE ET DE SECURITE
SOUS L'ANGLE DES DROITS DE L'HOMME

NY MPITANDRO FILAMINANA JERENA
AVY AMIN'NY ZON'OLOMBELONA

## LE ROLE DES FORCES DE DEFENSE ET DE SECURITE DANS LA PROMOTION ET LA PROTECTION DES DROITS DE L'HOMME

### Les forces de défense et de sécurité en tant qu'agent de l'Etat:

- Les droits de l'homme ne sont pas un obstacle mais constituent le fondement même des missions des forces de défense et de sécurité, dans l'accomplissement de leur mandat.
- Les forces de défense et de sécurité sont au service de la population, et doivent non seulement respecter les droits de l'homme, mais aussi les protéger activement..
- Les droits de l'homme soumettent toutefois les forces de défense et de sécurité aux principes de légalité, de proportionnalité, d'humanité, de distinction, et de nécessité.

### Les normes sur le maintien de l'ordre public

- Toutes les lois doivent être interprétées et appliquées de manière strictement conforme aux normes des droits de l'homme.
- Les forces de défense et de sécurité sont tenues de respecter les principes des droits de l'homme inscrits dans les principaux instruments internationaux ratifiés par Madagascar.

### Les forces de défense et de sécurité sont au service de la population

- Les forces de défense et de sécurité exercent surtout comme des prestataires de l'Etat au service de la communauté.
- Les services offerts par les forces de défense et de sécurité peuvent dans certaines situations se rapprocher des services à vocation humanitaire.

## NY ANDRAIKITRY NY MPITANDRO FILAMINANA AMIN'NY FAMPANAJANA SY FIAROVANA NY ZON'OLOMBELONA

### Ny mpitandro filaminana amin'ny maha olom-panjakana azy:

- Tsy sakana ny zon'olombelona fa manorina ny fototry ny asan'ny mpitandro filaminana mihitsy aza, amin'ny fanatanterahany ny iraka ampanaovina azy.
- Natao hanompo vahoaka ny mpitandro filaminana, ary tsy natao hanaja ny zon'olombelona fotsiny ihany fa tsy maintsy miaro izany amin'ny fomba mavitrika ihany koa.
- Na izany aza, dia mampanaja ny mpitandro filaminana ireo fitsipiky ny ara-dalàna, ny fifanahantsahanana, ny fanajanany maha-olona, ny fanavahana ary ny maha-ilaina ny zon'olombelona.

### Ny mpitandro filaminana amin'ny maha tompon'andraikitry ny fampiharan-dalàna azy.

- Tsy maintsy adika sy ampiharina mifanaraka tsy misy tomika amin'ny fenitry ny zon'olombelona ny lalàna rehetra.
- Natao hanaja ny fitsipiky ny zon'olombelona voasoratra ao anatin'ireo rijan-teny iraisam-pirenena nankatoavin'i Madagasikara.

### Mpanompon'ny vahoaka ny mpitandro filaminana

- Miasa indrindra indrindra amin'ny maha mpiasam-panjakana mpanome tolotra, manompo ny fiarahamonina azy ny mpitandro filaminana.
- Mety manakaikikaiky ny serivisy maha-olona ny tolotry ny mpitandro filaminana amin'ny toe-javatra sasantsasany

## LA PORTEE DISTINCTIVE DES DROITS DE L'HOMME VIS-À-VIS D'UN PARTICULIER D'UNE PART, ET VIS-À-VIS DE L'ETAT OU DE SES AGENTS D'AUTRE PART

- L'Etat et l'individu sont tous régis par les principes de l'égalité et de non-discrimination.
- Les agissements d'un Agent des forces de défense et de Sécurité en tant que représentant de l'Etat, envers les individus, peuvent constituer des violations des droits de l'homme.
- Les actions d'un individu à l'encontre d'un autre violent la loi mais pas les droits de l'homme au sens juridique du terme. L'auteur doit être poursuivi pour crime.
- Lors d'une violation des droits de l'homme par un Agent des forces de défense et de sécurité l'État a l'obligation de mener systématiquement une enquête.

## NY MAMPIAVAKA NY ZON'OLOMBELONA MANOLOANA NY TSIRAIRAY SY MANOLOANA NY FANJAKANA NA NY OLOM-PANJAKANA

- Samy voafehin'ny fitsipiky ny fitoviana sy ny tsy fanavakavahana ny Fanjakana sy ny olona tsirairay.
- Azo isaina ho fanitsakitsahana ny zon'olombelona ny hetsiky ny mpitandro filaminana iray amin'ny isam-batan'olona, amin'ny maha solotenan'ny Fanjakana azy.
- Mandika ny lalàna fa tsy manitsakitsaka zon'olombelona araka ny hevitry ny lalàna ny fihetsika ataon'ny olona iray manoloana ny olona iray hafa. Tokony henjehina noho ny heloka bevava ilay nahavanon-doza.
- Manana adidy hanao avy hatrany fanadihadiana ny Fanjakana raha misy fanitsakitsahana zon'olombelona ataon'ny mpitandro filaminana iray.

# 2

LE MAINTIEN DE L'ORDRE PUBLIC
VIS-À-VIS DU RESPECT DES DROITS DE L'HOMME ET DE L'ETAT DE DROIT

NY FITANDROANA NY FILAMINANA
MANOLOANA NY FANAJANA NY ZON'OLOMBELONA SY NY TANY
TAN-DALANA

## LES NORMES ET LES MODALITES DE MAINTIEN DE L'ORDRE SUIVANT LES LOIS ET TEXTES EXISTANTS

### Les modalités de maintien de l'ordre suivant les lois et textes existants

- Les libertés publiques sont garanties par des dispositions légales.
- Les restrictions dans l'exercice de ces libertés sont prévues par des dispositions légales notamment le respect des droits d'autrui.

### Les normes sur le maintien de l'ordre public

- **Le maintien de l'ordre et les normes internationales :**

Le droit de réunion pacifique est reconnu par les textes internationaux et ne peut faire l'objet que des seules restrictions imposées conformément à la loi et qui sont nécessaires dans les intérêts prévus par la loi.

- **Le maintien de l'ordre dans le cadre du droit national :**

Seule la sauvegarde de l'ordre public, de la dignité nationale et de la sécurité de l'État peut être invoquée pour justifier certaines restrictions ou limitations de ces libertés.

- **Principe d'autorisation préalable :**

L'organisateur doit se conformer à l'obligation de demande d'autorisation préalable mais le silence de l'autorité vaut acceptation de la demande.

## NY FENITRA SY FOMBA FITANDROANA NY FILAMINANA ARAKA NY LALÀNA SY NY RIJAN-TENY MISY

### Ny fomba fitandroana ny filaminana araky ny lalàna sy rijan-teny misy

- Iantohan'ny andinin-dalàna ny fahalalaham-bahoaka.
- Voafaritry ny andinin-dalàna, indrindra ny fanajana ny zon'ny hafa, ny famerana ny fampiharana ireo fahalalahana ireo.

### Ireo fitsipika momba ny fitandroana ny filaminana

- **Ny fitandroana ny filaminana sy ny fenitra iraisampirenena :**

Eken'ny rijan-teny iraisam-pirenena ny zo hivory am-pilaminana ary tsy iharan'ny famerana ivelan'ny famaritana napetraky ny lalàna sy ilain'ny tombontsoa voafaritry ny lalàna.

- **Fitandroana ny filaminana ao anatin'ny lalàna nasionaly :**

Ny fiarovana ny filaminam-bahoaka, ny hasin'ny firenena ary ny filaminam-panjakana ihany no azo anamarinana ny fanakanana na famerana sasany atao amin'ireo fahafahana ireo.

- **Fitsipiky ny fahazoan-dàlana mialoha:**

Tsy maintsy manaraka ny fepetry ny fangatahana mialoha ny mpikarakara, saingy ny fahanginan'ny fahefana dia midika hoe fanekena ny fangatahana.

## LE PRINCIPE DE L'ETAT DE DROIT ET LA FONCTION D'APPLICATION DES LOIS

### Etat de droit

- L'Etat de droit repose principalement sur la soumission de la puissance publique aux règles de droit et les personnes responsables de l'application des lois doivent se conformer elles-mêmes à la loi. Les services offerts par les forces de défense et de sécurité peuvent dans certaines situations se rapprocher des services à vocation humanitaire.
- La référence à la loi dans toutes les activités des forces de défense et de sécurité atteste l'état de droit favorisant la confiance entre l'Administration et la population.

### La fonction d'application des lois

Malgré les prérogatives liées à leurs statut et fonction, les actes de procédure des forces de défense et de Sécurité doivent se conformer aux normes légales. Des droits doivent être respectés lors de :

- l'arrestation
- l'enquête
- la garde à vue
- la perquisition et la saisie.

## NY FITSIPIKY NY TANY TAN-DALÀNA SY NY ASA FAMPIHARAN-DALÀNA

### Ny tany tan-dalàna

- Mifototra indrindra amin'ny faneken'ny fahefam-panjakana ny fitsipi-dalàna ny tany tan-dalàna, ary tsy maintsy manaraka ny lalàna ny tompon'andraikitry ny fampiharandalàna amin'ny fanatanterahana ny asan'izireo.
- Manaporofo ny fisian'ny tany tan-dalàna, izay mampiroborobo ny fifampitokisana eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka ny fampifanarahana ny hetsiky ny mpitandro filaminana rehetra amin'ny lalàna.

### Ny asa fampiharana ny lalàna

Tsy maintsy mifanaraka amin'ny fenitry ny lalàna ny fombafomban'ny fanadihadiana ataon'ny mpitandro filaminana, na eo aza ny fahefana manokana ateraky ny sata sy asan'izireo. Misy ireo zo tsy maintsy hajaina mandritra ny :

- fisamborana
- famotorana
- fitanana vonjimaika
- fisavan-trano sy fanagiazana

# 3

## CONDUITE ETHIQUE DES FORCES DE DEFENSE ET DE SECURITE ET LES SITUATIONS D'EXCEPTION

## NY FITONDRAN-TENAN'NY MPITANDRO FILAMINANA ARAKA NY ETIKA SY NY TOE-DRAHARAHA MANOKANA

## ETHIQUE ET DEONTOLOGIE

• L'éthique de groupe n'est pas nécessairement plus morale que l'éthique personnelle, et vice-versa. L'éthique professionnelle pour les forces de défense et de sécurité se rapproche de la déontologie et son inobservation peut entraîner des sanctions.

• Les règles déontologiques revêtent une forme obligatoire et leur inobservation expose son auteur à des sanctions disciplinaires, voire à une poursuite pénale.

### La nécessité des règles étiques et légales

• L'existence des règles éthiques contribue à améliorer les relations entre forces de défense et de sécurité et la population. Il s'agit de montrer un modèle de bonne conduite générale au niveau de la société, et de prévenir les éventuels débordements comportementaux des forces de défense et de sécurité.

## ETIKA SY DEONTOLOJIA

• Tsy voatery ho tsara ara-moraly kokoa noho ny etika ananan'ny tsirairay ny etikan'ny vondrona ary ny mifamadika amin'izany dia marina ihany koa. Manakaiky ny deontolojia ny etikan'ny asa ho an'ny mpitandro filaminana ary mety hiteraka sazy ny tsy fitandremana azy.

• Miendrika zavatra tsy maintsy atao ny fitsipika ara-deontolojia ary mahavoasazy ara-pitsipi-pifehezana, eny araka ny ady heloka mihitsy aza ny tsy fitandremana azy ireny.

### Ny ilàna ny fitsipika araka ny etika sy ny lalàna

• Manampy ho fanatsarana ny fifandraisana eo amin'ny mpitandro filaminana sy ny vahoaka ny fisian'ny fitsipika araka ny etika. Izany dia natao hanehoana modelim-pitondran-tena ankapobeny tsara eo anivon'ny fiarahamonina, sy hisorohana ny mety ho fihoaram-pefin'ny mpitandro filaminana eo amin'ny lafiny fitondran-tena. hana mialoha ny mpikarakara, saingy ny fahanginan'ny fahefana dia midika hoe fanekena ny fangatahana.

## SITUATIONS D'EXCEPTION

Le Pacte International relatif aux Droits Civils et Politiques prévoit pour les états parties la prise de mesures dérogeant aux obligations prévues dans le pacte dans le cas où **un danger public exceptionnel menace l'existence de la nation** et est proclamé par un acte officiel.

Les situations d'exceptions demeurent encadrées juridiquement et les mesures prises doivent se conformer aux normes internationales

### Normes et principes non-dérogeables dans ces situations exceptionnelles

• Conformité aux principes régissant le recours à la force

• Droits non-dérogeables : droit à la vie et de ne pas être soumis à la torture, interdiction de l'esclavage et de procéder à des emprisonnements pour non-exécution d'une obligation contractuelle, principe de la non-rétroactivité des lois, droit de chacun à la reconnaissance de la personnalité juridique, ou droit à la liberté de pensée, de conscience et de religion …

## TOE-DRAHARAHA MANOKANA

Manome fahafahana ny firenena nanao sonia ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'ny isam-batan'olona sy pôlitika dia faka handray fepetra miala amin'izay voatondro ny fifanarahanaraha raha **misy loza miavaka mitatao amin'ny vahoaka** manambana ny fisian'ny firenena ary ambara an-taratasy ofisialy.
Voafaritra ara-dalàna ny toe-draharaha miavaka ary tsy maintsy mifanaraka amin'ny lalàna iraisam-pirenena ny fepetra raisina.

### Fenitra sy fitsipika tsy azo ihodivirana amin'ireo toe-javatra miavaka ireo

• Fanarahana ny fitsipika mifehy ny fampiasan-kery

• Anisan'ireo zo tsy azo ihodivirana ho velona sy hiaina, ny zo tsy hiharan'ny fampijaliana, ny fandraràna ny fanandevozana, ny fandraràna ny famonjana olona noho ny tsy fanefana trosa na tsy fanajana fifanarahana ara-barotra, ny fepetra mandidy ny tsy fiverenan'ny lalàna ilàlana, ny zon'ny tsirairy hanana sata manoloana ny lalàna, ny fahafahana mieritreritra sy mivavaka ;

# 4

## LE CONTRÔLE INTERNE VIS-À-VIS DU RESPECT DES DROITS DE L'HOMME ET DE L'ETAT DE DROIT

## NY FANARAHA-MASO ANATINY MANOLOANA NY FANAJANA NY ZON'OLOMBELONA SY NY TANY TAN-DALANA

## Concept et définition

Le « contrôle interne » est un dispositif mis en œuvre par la direction d'une administration (privée comme les entreprises ou publique comme les ministères) pour lui permettre de maîtriser les opérations à risques qui doivent être faites par elle.

Le contrôle interne peut être ainsi défini comme un outil managérial qui aide les états-majors des entités des forces de défense et de sécurité à limiter les risques que les éléments opérationnels s'écartent de la conduite, de l'éthique et de la déontologie dans leurs manœuvres d'intervention pour mieux assurer le respect des droits de l'homme, la lutte contre la corruption, et de l'Etat de droit

Il est temps qu'un système de contrôle interne soit mis en place au sein de cette structure commune des forces de défense et de sécurité.

## Importance du contrôle interne pour les activités des forces de défense et de sécurité

- Le contrôle interne contribue à renforcer le professionnalisme des forces de défense et de sécurité et garantir une relation de confiance entre les forces de défense et de sécurité et la population.

- Le contrôle interne est une garantie d'efficacité des opérations, de fiabilité des informations de terrain, et de conformité des actions aux normes.

- Le contrôle interne n'est pas un obstacle à l'accomplissement des missions par les FDS

## Le rôle du contrôle interne dans la promotion des droits de l'homme et de l'Etat de droit

- Le contrôle interne peut non seulement prévenir les comportements individuels et les écarts de conduite répréhensibles mais contribuent également à éviter des conséquences imputables à l'administration et à l'Etat.

- Les forces de défense et de sécurité, en tant que dépositaires de la puissance publique, ont besoin de balise afin de promouvoir les droits de l'homme l'Etat de droit.

- L'importance des activités de contrôle en matière de respect des droits de l'homme et de l'Etat de droit s'explique par le fait que les normes sont moins fréquemment violées si leur application est surveillée.

## Hevitra sy famaritana

Ny "fanaraha-maso anatiny" dia fitaovana ampiasain'ny fitantanana sampan-draharaha iray (tsy miankina, ohatra orinasa, na miankina amin'ny fanjakana, ohatra minisitera) hahafahany mifehy ny asa mety mampidi-doza tsy maintsy tanterahiny.

Ny fanaraha-maso anatiny izany dia azo faritana ho toy ny fitaovam-pitantanana izay manampy ny etamazaoron'ny mpitandro fimaminana hametra ny mety ho fihatahan'ny mpiasa mpanatanteraka miala amin'ny fitsipi-pitondrantena, ny etika ary ny deontolojia amin'ny fidirana an-tsehatra ataon'izireo mba hiantohana bebe kokoa ny fanajana ny zon'olombelona, ny zon'olombelona, ny ady amin'ny kolikoly , ary ny tany tandalàna.

Fotoana izao hametrahana rafitra fanaraha-maso anatiny ao anatin'ity rafitra iraisan'ny mpitandro filaminana ity. Ny ilàna ny fitsipika araka ny etika sy ny lalàna

## Ny maha-zava-dehibe ny fanaraha-maso anatiny ho an'ny asan'ny mpitandro filaminana

- Manampy amin'ny fanamafisana ny maha matihanina ny mpitandro filaminana, sy manome antoka ny fifandraisana ombam-pitokisana eo amin'ny mpitandro filaminana sy ny vahoaka ny fanaraha-maso anatiny.

- Antoky ny fahombiazan'ny asa, ny maha azo itokisana ny torohay eny an-kianja, ary ny fanaraham-penitry ny hetsika ny fanaraha-maso anatiny.

- Tsy sakana amin'ny fanatanterahan'ny mpitandro filaminana ny iraka ny fanaraha-maso anatiny.

## Ny anjara asan'ny fanaraha-maso anatiny amin'ny fampiroboroboana ny zon'olombelona sy ny tany tan-dalàna

- Tsy vitan'ny misoroka ny fihoaram-pefy tsy mendrika eo amin'ny fitondran-tenan'ny tsirairay ihany ny fanaraha-maso anatiny, fa manampy amin'ny fisorohana ny vokadratsy mety hahavoasaringotra ny fanjakana.

- Amin'ny maha mpampiasa fahefam-bahoaka ny mpitandro filaminana dia mila fanilo izy mba hampiroboroboana ny zon'olombelona sy ny fanjakana tan-dalàna.

- Ny filazana fa tsy dia voahitsakitsaka matetika ny fenitra raha toa ka arahi-maso ny fampiharana azy ireo, no manazava ny maha-zava-dehibe ny asa fanaraha-maso amin'ny lafiny fanajana ny zon'olombelona sy ny tany tan-dalàna.

Ce **Manuel de formation en droits de l'Homme et Etat de Droit pour les organes de contrôle interne** a été élaboré et validé par les Forces de Défense et de Sécurité, lors d'un atelier tenu au Carlton Anosy, les 29 et 20 juin 2021, et édité grâce au partenariat du Haut Commissariat aux Droits de l'Homme (HCDH) et du Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD) dans la mise en œuvre du projet CONSOLIDER ET ACCÉLÉRER LES ACQUIS DE LA PAIX À MADAGASCAR DURANT LA CRISE DE COVID-19 (CAP MADA) financé par le Fonds des Nations Unies pour la Consolidation de la Paix (PBF). Ce projet permet à travers un accompagnement institutionnel et opérationnel des partenaires cibles, de contribuer à ce que les mesures d'exception qui seront prises dans le futur soient appréhendées et mises en œuvre dans un climat apaisé, transparent et redevable.

———————————

Ity **Boky Fampiofanana momba ny zon'olombelona sy ny tany tan-dalàna ho an'ny rafitra fanarahamaso anatiny ho an'ny mpitandro filaminana** dia novolavolaina sy nankatoavin'ny mpitandro filaminana, nandritry ny atrikasa izay natao tao amin'ny Carlton Anosy, ny 29 sy 30 jona 2021. Natonta printy vokatry ny fiarahamiasa amin'ny "Haut Commissariat aux Droits de l'Homme (HCDH)" sy ny Fandaharasan'ny Firenena Mikambana ho an'ny Fampandrosoana (PNUD), tao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa "CONSOLIDER ET ACCÉLÉRER LES ACQUIS DE LA PAIX À MADAGASCAR DURANT LA CRISE DE COVID-19" (CAP MADA) novatsian'ny Tahirimbolan'ny Firenena Mikambana ho fanamafisana ny fandriampahalemana (PBF). Amin'ny alalan'ireo tantsoroka ara-drafitra sy arak'asa ho an'ireo mpiaramiombonantoka miaramiasa dia manome anjara biriky ny tetikasa mba ho raisina sy tanterahina anaty fitoniana, fangaharaharana ary misy tamberinandraikitra ireo fepetra manokana raisina amin'ny hoavy.

MDN MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA
ZANDARIMARIA
POLICE NATIONALE MALAGASY
Nations Unies Consolidation de la paix
UN PBF - Fonds pour la Consolidation de la Paix
NATIONS UNIES DROITS DE L'HOMME HAUT-COMMISSARIAT
PNUD